Sambany tamin'ny tantaran'ny Antenimierampirena

# Tsy nisy ny ady hevitra teo amin'ny Praiministra sy ireo depiote

Mandritra ny fivoriana ara-potoanan'ny Antenimierampirenena manomboka ny volana mey toy izao, ao anatin'ny fandaharam-potoana hatrany ny fanaovan'ny governemanta tatitra ny asa vitany manoloana ny fahefana mpana lalàna, fihaonana mivantana eo amin'ny mpanatanteraka sy ny mpanao lalàna. Sambany anefa tamin'ity indray mitoraka ity, tsy nisy ny ady hevitra teo amin'ny Praiministra, ny Praiministra Ntsay Christian sy ireo depioten'i Madagasikara. Ny antony, rehefa avy nanao tatitra ny Praiministra Ntsay Christian dia niroso tamin'ny tsanga-tànana ireo solombavambahoaka, ka lany tamin'ny tsanga-tànana tao amin'ny Antenimierampirenena, fa tsy hisy ny adi-hevitra eo amin'ny Praiministra sy ireo depiote. Araka ny andininy faha-101 sy faha-102 ao amin'ny lalam-panorenan'ny Repoblikan'i Madagasikara anefa dia tokony hisy fametrahana fanontaniana avy amin'ny Parlemanta ho an'ny mpikambana ao amin'ny governemanta ary ny famalian'ireto farany izany, farafahakeliny isaky ny 15 andro mandritra ny fivoriana ara-potoana sy/na tsy ara-potoana ihany koa. Izany hoe raha 60 andro ny fivoriana ara-potoana dia tokony hisy fihaonana 4 farahafakeliny anaty fivoriana ara-potoana.



Ny Praiministra Ntsay Christian teny Tsimbazaza omaly.

*Isamlbilo*

Navotsotra i Fanirisoa sy Marco

# Tsy mitombina ny fiampangan-dry Rajoelina azy ho terrôrista




Fanirisoa sy Marco avy tao amin'ny Polisy tany Frantsa.

Rehefa nantsoina tany amin'ny polisy tany Frantsa i Fanirisoa Ernaivo sy Marco Randrianisa afak' omaly, malagasy monina any Frantsa (diaspora) ary anisan'ny mpanakiana mafy ny fitondrana Rajoelina, dia navotsotra tamin'io andro io ihany, satria tsy mitombina ny fiampangan-dry Rajoelina azy ireo ho mpampihorohoro na terrôrista. Araka ny tatitra nataon'i Fanirisoa rehefa avy tany amin'ny Polisy Frantsay : « nosamborina ny maraina vao mangiran-dratsy izaho ary nentina natao Garde à vue tany Paris, ary dia nosamborina koa i Marco Randrianisa tany an-tranony ka samy voatazona tany amin'ny Police izahay mianadahy. Rehefa natao ny enquête, dia voatery navotsotra fa tsy mitombina ny fitoriana nataon'ny Fitondrana Rajoelina anay. Nody soa amantsara avy eo. Zany no tany misy lalana aminy! Fa tsy toy ny any Madagasikara voatsindrin'ny mpitondra ny mpitandro filaminana sy ny mpitsara. » Raha araka ny vaovao azo ihany dia i Patrick Rajoelina sy Andry Rajoelina no mpitory, satria voalaza fa hitsidika any ny Filoha, ka matahotra ny hetsika hataon'ny diaspora any an-toerana izy ireo, dia nitory ireo anisan'ny mpitarika ny Malagasy mpanohitra any ivelany.

*Ny Valosoa*

TIM Maroantsetra

# Manentana mahakasika ny fanaraha-maso ny lisi-pifidianana koa

Manentana mahakasika ny fanaraha-maso ny lisi-pifidianana ihany koa ny avy amin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), any amin'ny distrikan'i Maroantsetra faritra Analanjirofo. Miara-misalahy amin' izany ny mpitarika ny antoko any an-toerana sy ny Tanora TIM MAROANTSETRA. Manentana hatrany ireo mponina any an-toerana izy ireo, mba hijery ny anarany ao anaty lisi-pifidianana . Raha tsy ao anaty lisitra dia mbola fotoana izao, hoy ireo Tanora Tim MAROANTSETRA ireto hisoratana anarana. Mitety fokontany izy ireo amin' izany manentana ireo mponina hiditra ao anaty lisi-pifidianana sy hanamarina ny anarany. Kely sisa hoy izy ireo ny fotoana, fa raha tsy voasoratra ny anaranao dia tsy afaka haneho ny safidy amin'ny olona hitondra ny firenena, hanavotra azy latsaka andavaka isika.



Ny hetsika nataon'ny TIM sy ny Tanora TIM Maroantsetra.

*Stefa*

## Ny Valosoa sy fakafaka

Fifamoivoizana

# Lalambe migodana mampitsingidina hoy ny any Anjozorobe sy ny RN3 iny

Lalambe migodana, mampitsingidina hoy ny any Anjozorobe sy ny RN3 iny. Ao anaty fahasahiranana tanteraka ny rehetra matoa miantsoantso etsy sy eroa fa tsy laharam-pahamehana io làlambe migodana io, ary samy mahatsapa fa fandrosoana mankany amin'ny fahantrana mihitsy no misy amin'izao fotoana izao, nefa dia toa mampiravoravo ny ekipandRajoelina tanteraka. Ny làlambe migodana, dia efa manorisory ny vahoaka manontolo mihitsy, mbola tsy sahaza ny ankamaroan'ny mpiara-belona, ary vao niandoha ny asa fanamboarana dia efa nanorisory ny rehetra sahady, satria fety aman-danonana goavana no efa natao nefa làlana 80km fotsiny ihany no hataoi raha ho vita. Tsy hita soritra mazava na nanaovana fandalinana mazava, fa toa kitoatoa hatrany miaraka amin'ireo egyptiana miantoka ny asa fanamboarana.
Ny vola vidin-tany toa resa-be fotsiny ihany, ny faritra izay ilaina tsy mazava tanteraka, simba ny tanimbary, nefa toa misy fiatoana kely indray aza ny asa. Tsorina koa fa vao niala avy aty an-drenivohitra ny asa fanamboarana, fa tsy tany Toamasina dia efa tsapa fa gaboraraka sy kitoatoa tanteraka, vonjy tavanandro, noho ireo entana sy fitaovana alaina any amin'ny Port-n'i Toamasina nefa dia hakarina aty an-drenivohitra, lasa mivezivezy. Tsy vitsy koa ireo nilaza fa : tsy mbola misy tanàna na anaran-tanàna mifanaraka amin'izany làlambe migodana izany, tsy misy fokontany na distrika voasoratra araka izany toy ny hita any amin'ny RN2 ohatra, nefa amin'izy ireny no misy ny entana na vokatra azo antoka mila fitaterana malaky, very ireo tanàna matanjaka amin'izany : Brickaville, Moramanga, Mandraka sy ireo izay mipaka amin'ny ilany atsinanana iny...
Hita sy tsapa fa ireo mpanambola, ireo te-hifanenjika amin'ny fiarakodia sy moto no hahazo vahana, nefa mety hitera-doza ihany raha fiarabe mpitatitra entana sy mpitatitra mpandeha no tsy voafehy amin'izany. Mazava ho azy fa làlam-baovao io, nefa na ny anaran-tanàna na ireo tobim-piantsonana, na ireo biraon 'ny mpitandro filaminana, ny vokatra tianko taterina sy ny sisa, dia mbola any an-kibon'ny omby avokoa, ka tsy aleo ve mba ny RN2 tanteraka aloha no vonjena maika ny fanarenana azy, dia manohy miadana ny asa fa tsy atao fanambatambazana sy famikiran-tseza manara-penitra izao hatrany.

*Beharo*

PRIERE AU SACRE CŒUR



Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.
Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.
Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.
Miaro R.

PRIERE AU SACRE CŒUR



Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.
Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.
Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.
Andraina R.